# Ny fitenenana Soubohànalloàhi, wale-hamdou Lillàhy, walà ilàha illal-làhoU, wallàho Akbaro, dia tiako lavitra mihoatrany andro niposahan'ny masoandro

Tatitra azo avy tamin'i Abou Houraira (R.A) : Niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Ny fitenenana Soubohànalloàhi, wale-hamdou Lillàhy, walà ilàha illal-làhoU, wallàho Akbaro, dia tiako lavitra mihoatrany andro niposahan'ny masoandro".
[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nilaza ny Mpaminany (S.A.W) fa ny tonombavaka fahatsiarovana an'Allah amin'ireto teny lehibe ireto dia tsara lavitra noho izao tontolo izao sy izay rehetra eo aminy, ary ireto manaraka ireto izany : "Soubhànallàhi" : Fanandratana sy fankalavirana Tompo Allah amin'ny tsy fahampina. "Alhamdo Lillàhy " : Dera noho ny toetrany tonga lafatra miaraka amin’ny fitiavana sy ny fanomezam-boninahitra Azy. "Là ilàha illal-Loàhou" : Tsy misy Tompo mendrika Tompoina am-pahamarinana afa-tsy i Allah. " Allah Akbaro" : izay midika hoe : “Lehibe Allah”: Lehibe sy ambony noho ny zavatra rehetra.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/6211